**5 taona nampijaliana ny Malagasy** 2

# Tsy ho ela, haneho ny safidiny izy ireo

**Hetsiky ny kandidà 11 ny zoma izao** 3

# Miharihary ny fanagejana ny firenena ataon'ny mpitondra


NY VALOSOA VAOVAO

Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy)






www.gvalosoa.com

gvalosoa@yahoo.com

facebook : gazety valosoa rakoto

Alakamisy 28 septambra 2023 Laharana 1477 Vidiny : 600 Ar


**Kandidà miisa 11** 2

# Mihazakazaka ny raharaham-pirenena nihaona tamin'ny FFKM sy ny PNUD



**FFKM** 2

# Atsaharo ny fifampihantsiana tsy milamina ny firenena



**Filohan'ny Antenimierandoholona** 3

# Misy mandrahona sy mampihorohoro fa tokony hametra-pialana



**Fifidianana filoha vaovaon'ny FMF** 6

# Vita ny antsapaka amin'ireo kandidà 5 hifaninana




**Fanohanana ny N°05** 2

## Tafajoro ny biraon'ny KMMR any Ankazobe

**Tranombarotra Baolai** 7

## Maro ireo entana tsara amin'ny vidiny mirary

**Daka kely**

Boaikely tsy mivaky loha amin'ny Ray amandreny mihitsy zany ialahy ry Boaikely a !

**FANOHANANA NY FILOHA RAVALOMANANA N°05**

# Tafajoro ny biraon'ny KMMR any Ankazobe




*Ny tanànan'Ankazobe.*

Tafajoro ny alatsinainy teo tany Ankazobe ny KMMR: Komity Manohana ny filoha Marc Ravalomanana, laharana faha-5: N°05 amin'ny biletà tokana, amin'ny fifidianana filoham-pirenena hatao eto amintsika ny 9 novambra ho avy izao. Lany ho filoha mpitarika ny KMMR any an-toerana, Pasitera Ravelonanosy Mamitiana; tafatsangana nandritra izany koa ny birao hitantana ity komity ho fampandaniana ny filoha Marc Ravalomanana amin' ny fifidianana ity, any amin'ny faritra Vonizongo iny, toy izany koa ireo vaomiera isan-tsokajiny. Niatrika ny fotoana tany an-toerana ny avy amin'ny KMMR foibe, nahitana an'Andriamatoa Jean Pierre Rakotoarivony, ny depiote Ramboasalama Emilien, voafidy tao amin'ny Boriboritany faha-4 eto an-drenivohitra. Maro ireo olona niatrika ny fifidianana tao Ankazobe tamin'io fotoana io, avy amin'ireo kaominina miisa 15 mandrafitra ny distrika. Nahatonga solontena ireo fikambanana maro samihafa toy ny fikambanana Vehivavy Miezaka, ny fikambanana Fanantenana, ny fikambanana AMI, ny fikambanana Manohisoa, ny fikambanana Lovasoa, ny fikambanana Vehivavy Miray Hina, teo koa ireo olon-tsotra, ny avy amin'ny fiarahamonim-pirenena any Ankazobe,… Mbola misokatra amin'ny rehetra tsy anavahana ny KMMR Ankazobe, hoy ny filohany, Pasitera Ravelonanosy Mamitiana. Kinendrin'izy ireo, ny famerenana ny filoha Marc Ravalomanana hitondra indray ny firenena.

***Isambilo***

FFKM

# Atsaharo ny fifampihantsiana, tsy milamina ny firenena

Nanao valan-dresaka ho-an'ny mpanao gazety ny FFKM : Fiombonan'ny Fiangonana Kristiana eto Madagasikara omaly maraina, taorian'ny fifampiresahana sy fifampidinihana tamin'ireo kandidà sy ny ankolafin-kery politika nototontosaina afak'omaly talata 26 septambra ary naharitra ora 3 tao Ampandrana. Mahereza sy mijoroa amin'ny fahamarinana no hafatra nampitain'ny FFKM.

Nanentana sy nanao antso avo hoan'ny Malagasy ny FFKM. "Atsaharo ny fifampihantsiana amin' ny endriny rehetra, misy zavatra tsy milamina eto amin'ny Firenena satria hita mivazavaza amin'ny haino aman-jery ny ankolafin-kery. Tsy mbola nisy ny resaka fifanarahana politika nandritra ny fihaonana tamin'ireo kandidà 12.", hoy ny fanazavan'ny FFKM.

"Momba ny fahamarinana ve isika ?", hoy ny FFKM, raha nanontanian'ny mpanao gazety ho momba ny fitondrana sa ny mpanohitra izy ireo. Arak'izany, mametraka izy ireo fa ray aman-dreny eto amin'ny firenena ary tsy momba ny atsy na ny aroa. Miantso ny rehetra hitondra am-bavaka ny Firenena rahateo ny FFKM amin' izao olana politika, toekarena ary sosialy misy eto amin'ny firenena izao.

***Nangonin'Isambilo***



*Ireo filoham-piangonana ao amin'ny FFKM, nitafa tamin'ny mpanao gazety.*

Kandidà miisa 11

# Nihaona tamin'ny FFKM sy ny PNUD, mihazakazaka ny raharaham-pirenena



Mihazakazaka ny raharaham-pirenena eto amintsika ankehitriny, tao aorian'ny fihaonana tamin'ny FFKM: Fiombonan'ny Fiangonana Kristiana eto Madagasikara teny Ampandrana, nihaona tamin'ny iraka avy amin'ny Firenena Mikambana sy ny PNUD: Fandaharanasan'ny Firenena Mikambana momba ny fampandrosoana teny Andraharo omaly, ireo vondron'ny kandidà miisa 11. Nanao fanambarana koa izy ireo omaly: "Tsy mitady korontana akory izahay fa mitady ny fahamarinana, mba hisian'ny fitoniana mialoha sy mandritra ary aorian'ny fifidianana.", hoy ireo kandidà 11. Mazava ny resaka fa tsy hoe fahatahorana ny fifidianan no ataon'izy ireo fa mila mazava tsara ny fitsipi-dalao. Ny hita hatreto, mihenjan-droa ny tady, satria tsy namaly ny antson'ny FFKM ny kandidà Andry Rajoelina ny talata teo, nefa eto Antananarivo ihany ny tenany.

***Isambilo***

## *Ny Valosoa sy fakafaka*

5 taona nampijaliana ny Malagasy

# Tsy ho ela, haneho ny safidiny izy ireo

Fotoana vitsy sisa dia ho tonga ny daty hanehoan'ny Malagasy ny safidiny, amin'ny hitondra ny tany sy firenena indray taorian'ny 5 taona nitondràn'i Andry Rajoelina mpanongam-panjakàna ny taona 2009 . Ela nijaliana loatra ny Malagasy nandritra izay 5 taona nitondràn'ity farany izay. Fahantrana lalina tao anaty horohoro tanteraka no niainana isan'andro. Tsy afaka maneho hevitra fa avy hatrany dia any amponja no hiafaràna. Nipoapoaka ny fampanantenana poak'aty nataon'i Andry Rajoelina, fa ho any amin'ny paradisa i Madagasikara rehefa tonga eo amin'ny fitondràna ny tenany, kanjo ny mifanohitra amin'izany no hita ankehitriny . Andeha ny fifidianana ary amin'ny 9 novambra no daty tokony hanaovana izany . Marobe anefa no mametram-panontaniana amin'io fifidianana io. Ny fikambanan' ireo kandida miisa 11 miezaka manao ny fomba rehetra, mba hisian'ny fifidianana madio hanjakan'ny fahamarinana. Raha ny zavatra hita mantsy dia HCC tsy manaraka ny lalàna, fa hita mitongilana be any amin'i Andry Rajoelina filoha teo aloha ny mpikambana ao . Tsy azo raisina avokoa izay fitoriana apetraky ny fikambanana maro ary farany teo ny fitoriana napetraky ny kandida miisa 11 vao notsipahan'ity andrim-panjakàna malaza amin'ny: azo raisina fa tsy mitombina ity . Manao ny fomba rehetra mba hisian'ny fifidianana madio tsy hanjakan'ny hosoka ny kandida miisa 11. Etsy andaniny anefa i Andry Rajoelina na ny ray amandreny ampanahy FFKM aza no miantso ny kandida hifampidinika dia tsy tonga ny tenany . Mihevitra ny maro, fa efa tsy manana ahiahy i Andry Rajoelina satria olony avokoa ny ankabeazan'ireo mitantana ny fifidianana ankehitriny . Rahampitso zoma izao no hanao tatitra ho an'ny vahoaka ny kandida miisa 11 , ka ho hita eo ny mety ho tohin'ny zavatra rehetra, fa ny Malagasy aloha dia mila fifidianana madio tsy hanjakan'ny hosoka intsony sady leo ny fahantrana sy ny fampijaliana azy.

***Helisoa***

*Dokam-barotra*
NY VALOSOA VAOVAO
Tel. 034 79 076 00

PRIERE AU SACRE CŒUR



Que le Sacré Cœur de Jésus soit loué, adoré et glorifié à travers le monde pour des siècles et des siècles, Amen.
Dites cette prière 6 fois/ jour pendant 9 jours et vos prières seront exaucées même si cela semble impossible. N'oubliez pas de remercier le Sacré Cœur avec promesse de publication quand la faveur sera obtenue.
Remerciements au Sacré Cœur pour faveurs obtenues.
Iriana A.

Ny Valosoa sy hadihady

## Hetsiky ny kandidà 11 ny zoma izao
# Miharihary ny fanagejana ny firenena ataon'ny mpitondra

Ao anaty geja maro samihafa ny firenena malagasy amin'izao fotoana izao. Vao mainka niha mafy izany sy niharihary, miditra amin'izao volon'andron'ny fifidianana izao. Miseho izany amin'ny lafiny politika, ny amin'ny fihetsik'ireo rantsamangaika isan-tsokajiny mifamatotra amin'ny andrim-panjakana na ny fitondrana. Samy manidy ny fahafahana malalaka ho an'ny olom-pirenena tsy haneho ny fomba fahitany sy ny fiheverany amin'ny raharaha politika misy eto amin'ny firenena amin'izao fotoana izao. Anisan'ny nanidy lalana amin'izany, izay niarahan'ny vahoaka nahita sy nandre, ny nataon'ny Fitsarana Avo momba ny Lalampanorenena (HCC), ny amin'ny fandavana ny fitoriana mba napetraka teny aminy, hatramin'ny an'ireo kandidà miombon-kevitra. Efa nahiana hatrany am-piandohana io fihetsiny io, nanomboka tamin'ny fametrahana ireo fitoriana nataona antoko politika samihafa. Mbola hitohy izany fihetsika sy fanapahan-kevitra avy ao aminy izany amin'ireo fitoriana samihafa izay hapetraka eny, ary tokony ho fantatra sy ao an-tsaina izany, fa tsy ilaina hanontaniana na mbola hialà-nenina ihany. Tsy hisy antenaina amin'io andrim-panjakana iray io raha amin' izao resaka alohan'ny fifidianana izao, na mandritra sy aorian'ny fifidianana raha hanao fitarainana. Ny Hcc taloha ihany no Hcc ankehitriny "azo raisina, fa tsy mitombina".

Geja iray lehibe mamatotra ny firenena iny, fa any amin'ireo sehatra hafa ny manaraka. Anisan'izany ny eny anivon'ny prefektiora sy ny hafa, toy izay nataon'ny tomponandraikitry ny Lapan'ny kolontsaina sy fanatanjahantena tamin'ity herinandro ity. Ny lazaina ho mpitandro filaminana efa iaraha-mahalala sy mahita isan'andro ny fihetsiny manoloana ny amin'ny atao hoe demôkrasia. Tsy izy ireo velively hatreto no azo ianteheran'ny vahoaka amin'ny hipetrahany sy hahamarin-toerana izany demôkrasia izany. Iaraha-mahita mazava tsara ny tsy famelan'izy ireo malalaka ny olom-pirenena haneho hevitra eny an-kalamanjana, fa ny hany fantany ny baiko avy amin' ny lehibeny ihany. Hatramin'ny fikambanan'ny mpanjifa aza tsy navela fa noterena niparitaka sy nody. Tsy atao hahagaga raha mahita ireny famoretana nanjo ny avy amin'ny fanoherana na ireo kandidà teny Mandrimena Andoharanofotsy ireny. Ary mbola hitohy io, fa tsy hifarana akory, satria arakaraka ny voa no hahafantarana ny hazo.

Santionany ihany ireo amin'ny geja mamatotra ny firenena, ankoatra ny geja ataona fikambanana "ratsy" isian'ireo olom-bitsy manao hatrany ho tantely afadrakotra ny harem-pirenena hangoronany harena. Ataony hatrany izay hamatorana ny vahoaka sy ny firenena amin'ny endrika sy fomba samihafa, na ampilaminana na an-kerisetra, mba tsy ho afa-mihetsika. Ny tanjony dia ny tsy hahatongavan-tsain'ny vahoaka, fa handohalika sy hitanondrika lava tsy hitraka hahalala ny marina momba ny zava-misy eto amin'ny fireneny. Tsy maintsy hisy fetrany ihany anefa izany rehetra izany fa miandry ny fotoanany, satria masina ny Tanindrazana.

***Sôh'son***

FILOHAN'NY ANTENIMIERANDOHOLONA

# Misy mandrahona sy mampihorohoro fa tokony hametra-pialana

Mbola miteraka resabe eto amin'ny firenena ny nandavan'ny filohan'ny Antenimierandoholona Herimanana Razafimahefa, tsy nandray ny andraikiny hitondra ny tany sy ny firenena taorian'ny fametraham-pialàn'ny filoha teo aloha Andry Rajoelina araka ny voalazan'ny lalampanorenana. Raha ny tombana tety ivelany anefa sy efa nambarany dia hita tena vonona handray ny fitondràna i Herimanana Razafimahefa . Hita izy nandritra ny hetsika nokarakarain'ny FFKM teny Mandrimena Andoharanofotsy, ka nanambaràny fa ilaina ny fifampiresahana raha izay no hampilamina ny firenena. Mety tsy hatokisan-dry Rajoelina sy ny forongony angamba izy rehefa tsy eo amin'ny fitondràna ity farany, ka izay no mety nanilihana azy. Amin'izao fotoana izao dia tsy hay izay miseho any, misy ny milaza fa misy mandrahona ity filohan'ny Antenimierandoholona ity ? Misy ny feo mivoaka fa misy ny fampitahorana na ''menace'' atao amin' ity farany hametraka ny fialàny tsy ho filohan'ny etsy amin'ny Lapamaitso Anosikely intsony? Hatreto anefa dia tsy fantatra mazava hoe: avy aiza na avy aiza no iavian'ilay fampihorohoroana , fa io tsy misy marina izay tsy hipoitra eto amin'ity firenena ity , ka ho hita eo ihany ny tohiny.

***Helisoa***



***Ny filohan'ny Antenierandoholona, Herimanana Razafimahefa.***

TONONKALO

## HO ANAREO 11

Manasa anareo re ry raikambinifolo
Mba tena hivondrona sy hiray hina.
Tohero ny jadona sy ny bontolo,
Meteza hijoro fa aza mangina.

'Nareo sisa toky sy fanantenana,
Ka tena entanina mba hiara-miainga.
Avia mirosoa ary andeha hofafana
Tsy ho ao amin'ny lisitra ilay Rainilainga !

Manasa anareo re ry raikambinifolo,
Ny mandeha misingana tena atsaharo.
Meteza mba hiara-mirona daholo
Ka aoka tsy hisy mba hiala amin'ny maro !

Tohero izay mety ho fandrebirebena,
Fadio dia fadio ny manaiky lembenana.
Saribakolimbazaha tsy azo ekena,
Fa gasy ihany hoy ny lalàm-panorenana !

***TSIMIMALO (28-09-23)***

Antso Fiarahamonina Kristiana (AFK)

# Mila jerena sy vahana malaky ny fototr'olana eto amin'ny firenena




***Ny HCC no hitan'ny maro ho fototry ny tsy fanarahan-dalàna eto amin'ny firenena.***

Mbola adihevitra tokony hipetraka ihany ve ny maha tany tan-dalàna an'i Madagasikara amin'izao fotoana izao ? Tsy efa iaraha-mahita sy miaina ve ny zava-misy ? Fototry ny olana lehibe eto amin'ity firenena ity, ny tsy fampanjakana ny rariny sy ny hitsiny, sy ny fahalovana mahazo laka ary manampy trotraka ny tsy fifampitokisana. Mizotra mankany amin'ny fahasimbana sy fahapotehana ny lalan'ny firenena. Miha-mikorosy fahana ny toe-tsaina mandala ny firaisankina sy fihavanana, ary miha-simba hatrany ny fiaraha-monina. Izay sisa ve no niafaran'ilay firenena malagasy miditra amin'izao tapany voalohany amin'ny taonjato faha-21 izao ? Ilay firenena manana maha izy azy ary tsy mena mitaha amin'ny hafa tany amin'ny vanim-potoana taloha tany toy ny tamin'ny fahampanjakana ny taonjato faha-18 sy 19.

Ny firenena tsy manome lanja ny fahamarinana dia tsy afaka hiroso ho amin' ny fisandratana sy fahatsarana velively. Raha tsy voajery sy tsinjovina fatratra akaiky ihany koa ny lafiny maha olona amin'ny fanomezan-kasina azy, dia handeha fahatany fotsiny ny asa fampandrosoana fa tsy misy tanjona mazava haleha. Manana ny maha izy azy ny olona tsirairay, ka miankina amin'ny talenta ananany izay tsy maintsy fantarina na trandrahina mba hamokatra ny hisian'ny fampandrosoana ara-dalàna sy maharitra. Ny Vovonana Antso Fiarahamonina Kristiana (AFK), dia mametraka paik'ady mazava momba izany, satria aminy ny olona no harena voalohany eto amin'ity firenena ity. Atao laharampahamehana izany mba hisian'ny risi-po andrasana aminy. Ny fiarahamonina misy firaisan'aina (symbiotique) sy mampisy firaisan'aina (symbiotisant). Fiarahamonina tsy mifampitsentsitra, tsy mifanambaka, fa mifanohana, mifamelona, mifanome tànana, mifampivelatra. Izany indrindra no andrandrain'ny vahoaka malagasy amin'izao fotoana izao. Manolo-tanana ho amin'izany ezaka izany ny AFK izay efa misy ny asa fanombohana izany, ary miandry ny fiaraha-mientan'ny olom-pirenena rehetra. Tsiahivina hatrany, fa ny AFK dia tsy fiangonana ary tsy manao politika. Fifandraisana : 034 17 460 53.

***Aris***

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Helisoa

Ny fananganana ny birao mpitantana ny KMMR Boriboritany faha-3, tao amin'ny Magro Behoririka.






Fivorian'ny mpitarika ny KMMR Avaradrano teny Imerinkasinina ny sabotsy teo.





Ny fihaonan'ireo kandidà miisa 9 ho filohampirenena, tamin'ny iraka avy amin'ny Firenena Mikambana teny Andraharo omaly.









## NY TENY FIAINANA

*"Ary hianareo dia efa novelominy, fony mbola matin'ny fahadisoanareo sy ny fahotanareo."*
***Efesiana 2:1***

**LIGY TAEKWONDO WT ANALAMANGA**

# Tokony hirosoana ny fifidianana filohan'ny Federasiona vaovao

Nanakiana ny fitantanan'ny FMTKD « Federasiona Malagasin'ny taranja Taekwondo WT », tarihan'Andriamatoa Ramanantsoa Christian, ny mpitantana ao amin'ny ligin'Analamanga eo amin'ity taranja ity notarihan'ny filohany, Rakotomanana Franck Rakotomanana, tamin'ny firesadresahany tamin'ny mpanao gazety tetsy Andravoahangy tamin'ny sabotsy 23 septambra 2023 lasa teo. Nolazain'ity filohan'ny ligin'Analamanga ity, fa tsy afaka ny hangina intsony ry zareo manoloana ny toe-draharaha misy eo amin'ity taranja Taekwondo eto Madagasikara ity, amin'ny fitantanana feno kiantranoantrano sy fanavakavahana ary tsy fanarahan-dalàna ataon'ny FMTKD. Tokony hirosohana amin'izay ny fifidianana filohan'ny federasiona vaovao, fa tsy hiandry ny volana janoary 2024 izany araka ny nambaran'ny FMTKD, satria efa tapitra ny fe-potoampiasan'izy ireo. Aoka mba ho mpitantana vaovao amin'izay no hanomana ny fandraisantsika anjara amin'ny fiadiana ny ho tompondakan'i Afrika 2023 amin'ny Taekwondo WT, hotontosaina any Côte d'Ivoire amin'ny 11 sy 12 novambra 2023 ho avy izao.


*Teny Andravoahangy.*

***Rainilita***

**« Rugby XXL Top 20, 2023 »**

# Hotontosaina ny alahady izao ireo lalao ankatoky ny famaranana


*Lalao XXL Top 20, 2023.*

Rehefa voatery naato noho ny fiatrehana ny lalaon'ny Nosy 2023 dia hotanterahina etsy amin'ny kianjan'i Makis Andohatapenaka, amin'ny alahady 01 oktobra 2023 ho avy izao, ireo lalao ankatoky ny famaranana ny fifaninanana rugby « XXL Top 20, 2023 », izay hialohavan'ny andro voalohan'ny fifaninanana sokajy federaly 2 miisa roa. Fandaharan-dalao amin'io alahady io : Sokajy federaly 2, 09 ora-Ftam Mandrangobato # 3F5 Amboditsiry, 11 ora-Rosa Antohomadinika # Crai Ambalavao Isotry, Sokajy Elite fédérale 1ora-Ftm Manjakaray # Uscar Commune, 3ora-Cosfa Miaramila # 3Fb Fahasalamana. Fidirana : ankizy 2000 Ar, lehibe 5000 Ar, tribune 10.000 Ar.

***Rainilita***

**« Mondial rugby France 2023 »**

# Niditra tamin'ny andro faha-4 nanomboka omaly alarobia

Niditra tamin'ny andro faha-4 manomboka omaly alarobia 27 septambra 2023, ny fifaninanana rugby « Mondial France 2023 », ka ry zareo ao amin'ny vondrona A no nisantatra an'izany tamin'ny fihaonan'i Uruguay sy Namibie. Hitohy anio alakamisy 28 septambra 2023 izany amin'ny alalan'ny fifanandrinanan'i Japon sy Samoa ao amin'ny vondrona D (01h30 ora frantsay) ary amin'ny zoma 29 septambra kosa ny lalao manaraka ao amin'ity vondrona A : 01h30 (ora frantsay)-Nouvelle-Zélande #Italie. Voka-dalao andro faha-3 : Italie 38 – 17 Uruguay (A), France 96 – 00 Namibie (A), Afrique du Sud 08 – 13 Irlande (B), Ecosse 45 – 17 Tonga (B), Géogie 18 – 18 Portugal (C), Galles 40 – 06 Australie (C), Argentine 19 – 10 Samoa (D), Angleterre 71 – 00 Chili (D).


*Mondial rugby France 2023.*

***Rainilita***

## Sakafo Ny Valosoa



**Saosisy sy anandrano** indray, no laoka amin'ny Sakafo eto amin'ny gazetinao androany. Mety avokoa na saosisy vita amin'ny henakisoa, na amin'ny henomby. Dia mazotoa homana tompoko.

## NY VALOSOA sy Mahasoa

# Ny soa azo avy amin'ny jus-na hoditra mananasy

Ny soa azo avy amin'ny jus hoditra mananasy indray, no Mahasoa eto ami n'ny gazetinao androany:
- Manala fanaintainana.
- Misoroka homamiadana na cancer.
- Mahasalama ny fo.
- Misoroka areti-maso ( katarakta).
- Mampitony ny asthme na sohiaka.

Zavatra ilaina :
• rano 1 litatra.
• hoditra mananasy 1,
• siramamy.

Fanaovana azy : sasana madio ny hoditra mananasy; andrahoina amin'ny rano kely ilay izy . Rehefa izay dia arotsaka ao indray ilay rano 1litatra. Mamiana amin'ny siramamy arak'izay tiana dia avela hangatsiaka. Azo sotrina amin'ny fatra izay tiana. Tsy maintsy kibo voky no isotroana azy.



## NY VALOSOA sy Mahaliana

# Ny tanànan'Anbatofisaka II distrikan'i Marolambo faritra Atsinanana

Ny tanànan'Ambatofisaka II distrikan'i Marolambo faritra Atsinanana indray, no Mahaliana eto amin'ny gazetinao androany. Renivohitry ny kaominina Ambatofisaka II ity tanàna ity, iray amin'ireo kaominina miisa 12 mandrafitra ny distrikan'i Marolambo. Vokatra any ny vary, ny haninkotrana toy ny mangahazo, ny katsaka, ny vomanga. Ny voankazo toy ny akondro, ny letchi, ny manga. Anisan'ireo tanàna mitoka-monina any amin'ny distrikan'i Marolambo koa ity tanàna ity.



TSY FANDRIAMPAHALEMANA

# Dahalo 3 mpanakan-dalana lavon'ny fokonolona sy mpitandro filaminana

Dahalo miisa 3 mpanakan-dalana, no lavon'ny fokonolona sy mpitandro filaminana tany amin'ny distrikan'i Tsiroanomandidy faritra Bongolava. Dahalo miisa 3 nikasa haka an-keriny ankizy nirava avy nianatra izy ireto, tao amin'ny tetezana antsoina hoe Manaofoana, no nokarohin'ny miaramila tao amin'ny "Bataillon d'Infanterie" Tsiroanomandidy, taorian'ny antso nataon' ny fokonolona tao Ambohiby. Mbola nanakana lehilahy iray hafa koa ireto olon-dratsy ireto, saingy afaka niaro tena sy nandositra ity farany. Nirotsaka nanampy ny miaramila ireo fokonolona ary raikitra ny fifanenjehana. Lavo nandritra ny fifandonana ireto dahalo malaza amin'ny fanakanan-dalana ireto, ary mbola nahitana kitapo misy moara teny amin'izy ireo. Ny faran'ny herinandro teo no nisehoan'ity tranga ity, tao amin'ny Fokontany Marolaona, Kaominina Fihaonana, Distrikan'i Tsiroanomandidy; ary rehefa natao ny fanadihadiana dia efa ho tapa-bolana izy ireo, no nikasa hisambotra olona, sy nikapa omby teny an-toerana sy ny manodidina.



*Fitaovana nampiasain'ireo dahalo maty voatifitra.*

***Stefa***

« Mollos park » Ampandrana

# Toeram-pikotranana sy fialamboly mahasondriana

Tsy lavitra, etsy Ampandrana, ampitan'ny « Cafe gasy », no ahitana ny « Mollos park ». Toerana tony, madio rivotra nefa miorina afovoan'Antananarivo. Samy hita eny an-toerana avokoa ireo fitaovam-pikotranana sy fitaizam-batana ary fialana voly toy ny Baby foot, billard, boule, zumba fitness, « i chavire - vole » sns... Ny « Mollos park » irery ihany koa no manana ny fotodrafitrasa takiana amin'ny fanaovana ny « Ninja warrior » eto Iarivo. Toerana mety sy mendrika hanatanterahana fihaonana anivon-javaboahary toy ny fivoriampianakaviana, mpiaramiasa, mpianatra, ihany koa ny « Mollos park » etsy Ampandrana. Tsy ireo tanora ihany fa samy tsy misy diso anjara amin'ny fisian'ireo fotodrafitrasa eny an-toerana ny sokajin-taona rehetra, izay mahatsapa fa mila koloina mandrakariva amin'ny alalan'ny fialamboly sy ny fanaovana fanatanjahatena sahaza ny vatana ho amin'ny fahasalamana. Marihina fa misy ireo Olombelona niofana manokana momba ny fanaraha-maso ny fanaovana ireo fitaizam-batana ao amin'ny « Mollos park ». Voatokana ho an'ireo fianakaviana, orianasa, na vondron'olona maniry hanatanteraka fihaonana amin'ny endriny marolafy, ny eny an-toerana rehefa andro Alahady.

Maniry ny mba hitondran' ny avy eo anivon'ny Minisiteran'ny tanora sy ny fanatanjahatena, ireo fikambanana mitaiza tanora, orinasan-tserasera, sns… fanampiana, mba ho fanatsarana hatrany ny tomponandraikitra eo anivon'ny « Mollos park ». Ilaina tokoa mantsy ny fisian'ny foto-drafitrasa sy ny toerana tahaka izao iadiana amin'ny fidonanampoana sy ny fidorohana zava-mahadomelina, fijangajangana eo amin' ireo tanora ary banja malalaka ho amin'ny fifanakalozana mahasoa ihany koa ny toerana tahaka itony. Hanatanteraka « Varavarana misokatra » ho an'ny rehetra ny « Mollos park » ny tontolo andron'ny Alahady ho avy izao.



*Ampahany amin'ireo fotodrafitrasa misy ao amin'ny « Mollos park ».*

***Lalasoa Razafindrakoto***

Fifidianana filoha vaovaon'ny FMF

# Vita ny antsapaka amin'ireo kandidà 5 hifaninana

Vita omaly alarobia 27 septambra 2023 teny amin'ny foibe toeran'ny FMF teny Isoraka, ny antsapaka amin'ny filaharan' ireo kandida dimy mirahalahy hifaninana ho filoha vaovaon'ny FMF "Federasiona Malagasy de Football". Toy ny fifidianana ho filoham-pirenena ankehitriny dia io no laharana hipetraka ao anatin'ny bileta tokana hampiasaina amin' ity fifidianana hatao amin' ny 14 oktobra 2023 ho avy izao ity, ka eto Antananarivo no toerana hanaovana azy : 1-Rakotomamonjy Neypatraiky André, 2- Rakotomalala Handriniaina Stanislas, 3- Astina Douglas Wilson, 4- Andrianony Victorien, 5- Randriamanampisoa Alfred. Fantatra tamin'io omaly io ihany koa ny lisitry ny mpirotsaka hofidiana handrafitra ny Filankevi-pitantanan'ny FMF. Ireo filohana ligimparitry ny baolina kitra miisa 22 no handray anjara amin'ny fifidianana. Afaka manendry solontena izay filohana ligy tsy afaka hanatrika an'izany fifidianana izany, araka ny fitsipika mifehy ny fifidianana eo anivon'ny FMF. Malalaka ny fanaovana fampielezankevitra amin'ny sehatra samihafa, toy ny haino aman-jery, saingy tokony hatao ao anatin'ny fifanajana sy fitsinjovana ny tombontsoa ambonin'ny baolina kitra malagasy, hoy ny filohan'ny Vaomiera mahaleo tena misahana ny fifidianana eo anivon'ny FMF, Ralavarisoa Beby Fabienne.




*Laharanan'ireo kandida 5 ho amin'ny filohan'ny FMF.*

***Rainilita***

Fivondronan'ny sendikan'ny mpiasa Malagasy

# Miantso fifampidinihana maika miaraka amin'ny mpiasa Malagasy

Nanao antso avo amin'ireo Ray aman-drenim-pirenena rehetra eto Madagasikara, mba hiroso amin'ny fifampiresahana hitadiavam-bahaolana manoloana ny fivoaran'ny raharaham-pirenena ny fivondronan'ny mpiasa Malagasy tetsy amin'ny « Restaurant Tifas Mahamasina ny talata teo . Nanamafy ny mpitondra tenin'ny fivondronan'ny mpiasa Malagasy, fa tsy maintsy mandray anjara mandritra ny fifampidinihana hatao ny mpiasa Malagasy, satria ireto farany no fototry ny fanatanterahana izay zavatra tapaka mandritra ny fivoriana ary miantso ny mpanao politika sy ny firaisamonim-pirenena, mba handray anjara mavitrika mandritra ny fifampidinihana izay hatao, mba hisorohana amin'ny mety hisian'ny korontana raha sanatria ka miharatsy ny toe-karena sy ny fiainam-pirenena noho ny fiitaran'ny krizy. Nanamafy ny mpitondra tenin'ny fivondronan'ny mpiasa, fa hery velona manana ny toerany eto amin'ny firenena ny mpiasa Malagasy, ka tsy tokony hatao an-kilabao ary tsy hanaiky intsony ny fanatanterahana ny tsy ara-dalàna, izay ataon'ny mpanao politika intsony ireto farany, izay fototry ny fahantrana amin'izao fotoana izao. Manome fe-potoana herinandro ny vondron'ny mpiasa Malagasy, mba hirosoana amin'ny fifampidinihana raha tsy izany dia hampijanona ny fampandehanan-draharaham-panjakana ireto farany, mba ho fantatry ny vahoaka fa herivelona mampiaina ny firenena ny mpiasa Malagasy.

**Franck Razakambelo**



Fanatanjahantena ao amin'ny tafika

# Mankalaza ny faha-40 taonany ny COSFA

Mankalaza ny faha-40 taonany amin'ity taona 2023 ity ny COSFA, na ny Club Omni-Sports des Forces Armées. Nosokafana ny herinandro lasa teo, teny amin'ny kianjan' ny "Bataillon Médical Ampahibe", ny lalao tsipy kanetibe, tafiditra ao anatin'ny fankalazana ny faha-40 taona ny COSFA. Mikarakara izao lalao izao ny Ôfisy Miaramilan' ny fanatanjahantena sy ny kolontsaina (OMSC), sy ny "section boule": tsipy kanetibe, eo anivon'ny Minisiteran'ny Fiarovam-pirenena.

Ekipa miisa 34 no nandray anjara tamin'izany, izay samy mpiasa eny anivon'ireo Ministera isantsokajiny avokoa.

Natokana ho an'ny mpiasam-panjakana manokana ny lalao notanterahina ity, fa ny fifaninanana ho avy manaraka kosa no anasana ireo klioba rehetra manerana ny Nosy.

***Lita***




*Lalao tsipy kanetibe, ao anatin'ny fankalazana ny faha-40 taonan'ny Cosfa.*

## Mpiandry raharaha

**PHARMACIES DE GARDE**
**23/09/2023 hatramin'ny 30/09/2023**

- **SOARY** (Iadiambola Ampasapito) 020 22 410 58/032 11 248 05
- **ANJA** (Analamahitsy) 020 26 406 55/034 51 149 73/033 17 633 22
- **PROVIDENCE** (Andohan'Analakely près ex cinéma Rex) 020 26 407 27 / 034 52 002 90 / 033 13 481 42
- **RALISON** (Antanimena) 034 44 429 51
- **RASOLONJATOVO** (Anosy en face HJRA) 032 11 220 11/038 37 00707
- **ANDOHATAPENAKA** (67ha sud Route FDC près station Galana) 034 02 670 70/032 12 670 70

HJRA (urgences) :
033 11 890 58 /
22 279 79

HOMI Soavinandriana :
22 397 51

Hopitaly Befelatanana :
22 223 84 / 22 6 N72 21

Hopitaly
Loterana Ambohibao :
22 441 88 /22 485 17

Clinique des Soeurs
Ankadifotsy :22 235 54

Ambulances municipales :
22 200 40
Jirama:
Telma : (22)3547 (n° vert) /
Airtel :03 35 47 /
Orange :032 32 3547

Pompiers :
Tél : 118/ 22 250 18/
22 225 66

Police :
Hôtel Central de Police :
17 / 22 227 35 /22 357 09

1° Arrondissement
Tsaralalàna : 22 280 54
2°Ambanidia : 22 309 46
3°Antaninandro : 22 291 30
4°Isotry : 22 280 51
5°Mahamasina :22 280 48
6°Ambohimanarina :
22 225 52
7°67 Ha : 22 291 29
8°Analamahitsy : 22 493 25
Brigade criminelle :
22 216 78 /22 210 29 /
22 674 83 na 84

GIR : 22 227 35

**Gazetim-baovao miseho intelo isan-kerinandro**
**Vidiny: 600 Ar**
**Adiresy: lot T 70 Ankadindratombo**

**TALEN'NY FAMOAHANA :**
Rahelisoa A.
034 79 076 00

**MPANAO GAZETY**

**Politika:**
Isambilo: 033 24 783 65
Rajo: 033 80 022 53
Andry Tsiavalona 032 07 744 55

**Toe-karena :**
Aly : 033 18 382 88

**Kolontsaina:**
Aris: 034 17 460 53
Beharo : 032 02 557 89

**Fanatanjahantena:**
Lita: 033 41 557 69

**Mailaka:**
gvalosoa@yahoo.com
**NATONTAN'NY**
**Imprimerie de la RN7**

Fametrahana 1477-09-2023
Isan'ny natonta: 10 000

Tsy azo adika, na alain-tahaka, na antsaina ampahibemaso raha tsy ahazoana alalana vita soratanana avy amin'ny tompony

### TRANOMBAROTRA BAOLAI

# Maro ireo entana tsara amin'ny vidiny mirary

Rehefa amin' ny vaninandro toy izao, maro ireo te hanavao ny ao an-tokantrano ao. Hanampy betsaka amin' izany ny Tranombarotra «Baolai » etsy Soarano, Analakely ary Bazar - be Toamasina, izay mankalaza ny faha-20 taonany. « Ho fitsinjovana ny dahobe amin'ny fiatrehana ampitoniana ny rotoroto ny andavanandro dia tsy tambo isaina ny entana vaovao, lohalaharana amin' ny kalitao sady mibika amin' ny vidiny mirary izay hita ato aminay. Ny antsipirian'izany rehetra izany, dia ho azo ao amin' ny pejy fb sy site web » : baolai ary ao amin 033 37 188 88 ( amin'ny ora fiasana) » hoy ny tompon'andraikitra. Ao ny congélateur (mitazona hatsiaka na tapaka aza ny jiro), friteuses sy four multi - fonction, machine à laver smart wifi, réfrigérateur miroir, … Mbola misy koa ny mini radio baffle bluetooth solaire, televizionina fisaka marika « Toshiba », izay ahitana manomboka 32 hatramin' ny 75 pouces, machine à café à capsule, synthétiseur, panneaux solaires mono sy polychristallins, subwoofer, table de mixage, Smart tv sy télé led - Laser tv 120 pouces (misy antoka 1 taona). Dia hiavaka ao anatin' ny maro ity volana oktobra ho avy ity, miaraka amin' ny Tranombarotra « Baolai ».

*Aly*



*Entana maro samy hafa amin'ny Tranombarotra Baolai.*

Lalampirenena faha-4 (RN4)

# Asiam-panamboarana ny tetezan'i Mangapaika



*Fanamboarana tetezana amin'ny RN4.*


Asiam-panamboarana amin'izao fotoana ny tetezan'i Mangapaika amin'ny lalampirenena faha-4 (RN4) iny.
Am-perin'asa ny ao amin'ny Asa Vaventy amin'ny fanatsarana ny fifamoivoizana amin'ny lalam-pirenana faha-4 (RN4). Nasiam-panamboarana ny tetezan'i Mangapaika ao Antanambao - Andranolava PK 505+400 amin'ny RN4. Efa antitra ity tetezana ity ka nohavaozina. Ny famatsiambolan'ny Banky Iraisampirenena amin'ny alalan'ny tetikasa CERC, no anarenana an'izao foto-drafitr'asa izao ary ny orinasa ZHONGMEL no manao ny asa. Ho voahelingelina noho izany ny fifamoivoizana .
Mampijaly ny mpampiasa azy ity lalana ity rehefa fotoam-pahavaratra. Nahiana mafy hitera-doza tamin'ny farany teo. Betsaka ny mpandeha mandalo sy mampiasa azy io, ka heverina hisy akony amin'ny ara-toekarena ny fahavitany, ezahana ho vita mialohan'ny fahavaratra ny asa, hoy ny tompon'andraikitra.

*Aly*

BEHARO

## Teny tondro (Ny Valosoa Vaovao)

**N° 445**




**BL** = Bory Loha
**BR =** Bory Rambo
**MIV** = Mivadika
**MIK** = Mikorontana

Misy ny teny Malagasy ofisialy sy ny tenim-paritra


Ohatra : Valy = Vady

### Valiny Teny Tondro (0444)

**Mitsivalana**
- Sihanaka
- Enina
- Renirano
- Ala – Ka (miv)
- Totoina
- Re – Aza
- Sokafana (miv)

**Mitsangana**
- Soratra
- Elo
- Henatra
- Any – Feo (miv)
- Niray
- Kankana (miv)
- (Akan(y) – Azo
- OM – Al

### TENY MIFANAPAKA N° 445




**Mitsivalana**
**1.** Fananganana trano vaovao **2.** Ambany toerana – Marika **3.** Hery sy tanjaka – Sahala (miv) **4.** Fototry ny mozika – Hazandrano **5.** Sakafo – Zavatra masina **6.** Aviavy hoy ny Ntaolo – Maitso, fotsy, mena (BL) **7.** Be taona – Mpitan-tsoratra **8.** Nisintaka – Heloka **9.** Najanona **10.** Soloy – Kely fotsiny ihany

**Mitsangana**
**A.** Fandalinana ataonao **B.** Miantso – Renirano **D.** Nandefasana taratasy **E.** Manondro toerana – Mpanoritra **F.** Heno mazava – Valizy vy (miv) **G.** Fanekana – Fanao amin'ny laoka (BR) – Enti-milaza **H.** Nanaraka sy nandalina fianarana – Simba sady masiso **I.** Tokyo mena ny mpividy – Tampisaka (miv) **J.** Faran-teny – Antsasaky ny zato – Santa **K.** Malaky

### Valiny Teny mifanaraka 0444

**Mitsivalana**
**1.** Fahavaloko **2.** Ory - In - Jor(o) **3.** Korontana **4.** Alaina **5.** Na - Entinay **6.** Ovy - Tra - GN **7.** Lo - Soarano **8.** Man - Avia **9.** Njaka - Soa **10.** AB - Tsia (miv) - La

**Mitsangana**
**A** Fokonolona **B.** Aro - Avo - JB **D.** Hira - Ma **E.** Elo (miv) - Saka **F.** Vinantonay **G.** Antitra **H.** Tsaraina (miv) **I.** Nanjo (miv) - Ova (miv) **J.** Koa - Lainga (miv) **K.** Ro (miv) - Sinoa

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaova

Helisoa, Rajepa

**Iraky ny kandidà filoha Marc Ravalomanana, tarihan'ny depiote Fetra Ralambozafimbololona, voafidy tao amin'ny Boriboritany faha-5 Antananarivo, any amin'ny faritra Androy sy Anôsy.**





**Ny tafa tamin'ny mpanao gazety nataon'ny filoham-piangonana ao amin'ny FFKM omaly sy afak'omaly, teny Ampandrana.**













## Sariitatra sy politika

